# Ny vola tena tsara indrindra dia ny vola izay navokan'ny olona mba ho fanomezana amin'ireto manaraka ireto : vola izay avoakany ka nomeny ireo ankohonany, ny vola izay avokan'ny olona amin'ny biby ho fitainginy noho ny Allah, ary ny vola izay laniny amin'ireo namany noho ny amin'I Allah

Tatitra azo avy amin'i Thaobani (R.A), Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Ny vola tena tsara indrindra dia ny vola izay navokan'ny olona mba ho fanomezana amin'ireto manaraka ireto : vola izay avoakany ka nomeny ireo ankohonany, ny vola izay avokan'ny olona amin'ny biby ho fitainginy noho ny Allah, ary ny vola izay laniny amin'ireo namany noho ny amin'I Allah" Niteny i Abou Qilabah : nanomboka tamin’ireo ankohonany, avy eo i Abo Qilabah dia niteny hoe : Iza no olona mahazo valisoa lehibe mihoatra ny olona mandany vola amin’ny havany, dia hamela ny helony Allah na hanasoa sy hampanan-karena azy ireo.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanazava i Mpaminany (S.A.w) ireo karazana famoahana, ary nalaminy mifanandrify amin’ny famoahana araka izay tsy maintsy ataonao, ka nanomboka tamin’ny tena lehibe indrindra ary avy eo ny manaraka. Ka nilaza izy fa ny vola hahazoana valisoa lehibe indrindra dia izay lanin'ny mpino silamo amin'ny olona iray izay eo ambany fahefany ka tsy maintsy iantohany; toy ny amin'ny vady aman-janaka, Avy eo ny famoahana amin'ny fitaovam-pitaterana ho amin'ny ady masina noho I Allah. Avy eo famoahana amin'ny namany sy ny sakaizany raha mbola eo am-panaovana ady masina izy ireo amin'ny làlan'I Allah.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3267

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee